**TARI-DALANA HO AN'NY MPANDRINDRA REZIONALY**

**FANDAHARAN'ASA VOLONTERA FJKM**

## 1. ZAVA-MISY

Ny taona 2014 no nirotsaka tamin'ny asa fijerena ny maha olona ny FJKM tamin'ny alalan'ny Sampan'Asa Fampandrosoana (SAF/FJKM), miara miasa akaiky Diakonie Katastrophenhilfe izay mpiaramiombon'antoka.
Niroso tamin'ny famolavolana tetikasa momba ny fampihenana ny fiantraikan'ny loza sy ny tandindondoza, ary ny fiomanana amin'ny fiatrehana ny vokadratsy ateraky ny rivodoza amin'ny alalan'ny fampiofanana ireo Volontera avy amin'ny Fiangonana FJKM ny roa tonta.

Manana volontera voaofana misehatra amin'ny fitantananana ny loza sy ny tandindondoza miisa 10.000 ny FJKM ankehitriny, Afaka miatrika avy hatrany ny fihavian'ny rivodoza, sy ireo tandindondoza sy ireo loza mpitranga matetika, toy ny tondradrano, fihotsahan'ny tany, ny vokadratsy ateraky ny tafiodrivotra mahery amin'ny alalan'ny fisian'ireo andry 4 izy ireo.
Izo fandaharan'asa izao dia iarahana miasa akaiky amin'ny Birao Nasionaly mandrindra ny fitantanana ny loza voajanahary (BNGRC) sy ireo mpiara mikatroka misy ao amin'ny fiarahamonina, faritra ary nasionaly manohana ny fiarahamonina amin'ny fandrindrana ny fiomanana sy fiatrehana ny fihavian'ny loza.

Ao anatin'ny andiany faha-4 amin'ny fandaharan'asa ankehitriny, izay hifantoka betsaka amin'ny fitsinjarana asa amin'ireo faritra 3 : Avaratra, Andrefana ary Atsinanana, izay hametrahana tanjona lehibe dia ny fampaharetana ara-bola ny asa. Ankoatra izay dia ny fampitomboana ny isan'ireo Volontera ho 10.000 hatramin'ny 25.000 ; fanatevenana ny fampiofanana amin'ny alalan'ny fanazarantena .

Araka izany dia mitady olona manana fanolorantena hanao ny asa maha Mpandrindra ny faritra, izay hiandraikitra ny fanatanterahana ny tetikasa andiany faha 4 any amin'ny faritra Morondava : Menabe; Melaky; Boeny; Atsimo Andrefana, araka ny paikady voalaza etsy aloha sy ny fampaharetana ny asa. Andraikitra fototra sahanin'izy ireo ny fanomezana vokatra mifanaraka amin'izay takian'ny « cadre logique » sy ny fanaovana antontankevitra ny tetikasa ao amin'ny faritra iandraiketany.

Ny Mpandrindra ny faritra dia hiara-miasa akaiky amin'ny Synodamparitany sy ny Fitandremana , ny Mpandrindra Nasionalin'ny fandaharan'asa ary ny Foibe FJKM, sy ireo tompon'andraikitra voalohan'ny volontera « points focaux »ao amin'ny faritra.

## 2. ANDRAIKITRA

### 2.1 FANDRINDRANA SY FAMETRAHANA TAMBAJOTRA

- Miantoka ny fanatanterahana ny asa miaraka amin'ny kalitao ao amin'ny faritra iandraiketany amin'ny :
    - fanasongaadinana ny traikefa ananan'ny faritra sy ireo vondrona misehatra amin'izany (Oniversite, fiarahamonim-pirenena, ireo sehatra tsy miankina sy ny mpisehatra hafa), ka ny fahaiza-manaony dia ho fanatevenana ny asa fandrindrana

- Manome tohana, miantoka ny fanarahamaso ny rafitra eo an-toerana
- Manomana fivoriana tsy ara-potoana miaraka amin'ireo Volontera sy tompon'andraikitra voalohany , ary mandefa ny tatitra any amin'ny Mpandrindra Nasionaly
- Mandray anjara amin'ny hetsika nasionaly DRR/GRC na Volontera , *ary mitondra ny fanazavana momba ny Volontera sy ny SAF/FJKM izay Mpandrindra ny fandaharan'asa* .
- Mampivelatra ny tambazotran'ny faritra amin'ireo mpiara-mikatroka, ary miantoka ny fampihodinanana izany

## 2.2 FAMPIVELARANA SY FANAZAVANA NY FANDAHARAN'ASA

- Manolotra paikady vaovao ho fampaharetana ny fandrindrana ny fandaharan'asa Nasionaly
- Manohana ny raiftra ara-bola mba hatanjaka sy hahaleo tena, ho fitsinjovana ny rafi-pitantanana Nasionaly amin'ny fiafaran'ny tetik'asa.
- Mampiroborobo ny fiaraha-miombon'antoka sy ny fanohanana amin'ny sehatra eo amin'ny faritra (miaraka amin'ny Fiangonana, sehatra tsy miankina,…)
- Miantoka ny fisehoana eo an-toerana, mba hisian'ny fiarahamiasa akaiky eo amin'ny Volontera GRC sy ireo mpisehatra hafa (CDGRC, ELGRC, manampahefana kaominaly sy rezionaly, ireo fikambanana tsy miankna hafa sy ny Fiangonana) araka ny andraikiny avy.

## 2.3 . FANDRINDRANA

- ❖ Manangana drafitr'asa isan-telovolana ho an'ny fandrindrana rezionalin'ny Volontera mifanaraka amin'ny tetik'asa voafaritra sy ny antontankevitra fitantanana niaingan'ny tetikasa ary iarahana miasa akaiky amin'ny Mpandrindra Nasionalin'ny Volontera.
- ❖ Manao tombana amin'ny loharanombola ilaina hanatanterahana ny asa araka ny vosoratra ao ami'ny drafitr'asa, ary mifanaraka amin'ny vinavinam-pandaniana ao amin'ny antontankevitry ny tetikasa

## 2.4. NY FITANTANANA

- Miantoka ny fahatanterahana'ny asa ao amin'ny fandrindrana ny faritra , sy mitondra ny vokatra andrasana mifanaraka amin' ny fenitra sy ny kalitao takian'ny antontankevitry ny tetikasa.
- Manolotra vina sy fomba fiasa ho fampivoarana ny faritra.
- Maneho ny fandaharan'asa anatiny sy ivelany ao amin'ny faritra misy azy
- Manolo-kevitra ny Mpandrindra Nasionalin'ny Volontera amin'ny fitantanana fiovàna
- Manomana fivoriana isam-bolana miaraka amin'ny Mpampiofana sy ny Tompon'andraikitra voalohan'ny Volontera

## 2.5. FANARAHA-MASO

- Mandalina sy manao ny fankatoavana ny tatitr'asa atolotry ny tompon'andraikitra voalohany sy ny Mpampiofana
- Mandrafitra ny tatitr'asa isam-bolana ary mandefa izany aaty amin'ny Fandrindrana Nasionaly
- Mandrafitra sy manao fankatoavana ny tatitry ny fanaraha-maso arak any drafitra nifanarahana amin'ny biraon'ny fandrindrana Nasionaly.
- Manolotra ny tatitra ara-bola isam-bolana eo amin'ny Fandrindrana Nasionaly.
- Manampy ny Mpiara-miasa ao amin'ny Fandrindrana aNasionaly amin'ny fanomanana ny asa fanaraha-maso ny faritra iandraiketany

## 3. MASON-TSIVANA

Ny Mpandrindra Nasionalin'ny Volontera dia olona manana ny mari-pahaizana Bakalorea +2 taona farafahakeliny, ary manana traikefa farafahakeliny 2 taona tamin'ny sehatra fandrindrana teknika sy ara-bola.
Liana amin'ny asa fitantanana ny loza sy ny tandindondoza, teti-bolam-panjakana; toekarena, sosialy momba ny fampandrosoana sy ny tontolo iainana

Amin'ny ankapobeny, ny mpandrindra Volontera any amin'ny faritra dia

- ➢ Volontera FJKM nandritry ny 2 taona farafahakeliny
- ➢ Mahatoky
- ➢ Manaja ny Soatoavina sy ny Etikan'ny FJKM
- ➢ Mitantanana ny mpiara-miasa rehetra ara-drariny tsy misy fanavahana, ary afaka manangana Ekipa matanjaka
- ➢ Manaiky sy mankato ny Fitsipi-pitondran'ny Croix-Rouge et du Croissant-Rouge ary ireo fikambanana tsy miankina
- ➢ Manana fahalalana amin'ny fitantanana sy fampihenana ny loza sy tandindondoza, ny fanarenana haingana ny fahavoazana

- Manana traikefa amin'ny hetsiky ny olon-dehibe sy ny zatovo, ary havanana amin'ny fanetsehana ny olona sy vondron'olona amin'ny lafiny filatsahana an-tsitrapo sy ny fandraisana anjara eo amin'ny fiarahamonina
- Mahafantatra ny fomba fiasa amin'ny alalan'reo andry 4 amin'ny sehatra iraisam-pirenena
- Afaka hitarika ny famolavolana haingana, sy ny fampiharana, ny fanaraha-maso ary ny fanombanana ny asa maika sy ny drafitrasa stratejika araka ny fitantanana miompana amin'ny fahazoam-bokatra.
- Manana fahaiza-manao amin'ny lafiny serasera : am-bava, an-tsoratra izay manampy ny hafa amin'nny fiovam-pihetsika
- Afaka maneho fihetsika manorina amin'ny fomba fiasa
- Afaka miasa anatin'ny tsindry, ary mitantana ny toe-javatra sarotra ao anatin'ny filaminanan sy fahatoniana

**3.1 Mari-pahaizana**

Bacc 2 équivalent en sciences sociales, l'enseignement public / adulte, la théologie;

**3.2. FAHAIZA-MANAO**

- ✓ Traikefa amin'ny sehatra fitantanana ny loza sy tandindondoza, ary fandraisana andrikitra manoloana izany
- ✓ Traikefa Fanentanana ny olona ao amin'ny fiaraha-monina
- ✓ Traikefa amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo Ray aman-dreny ao amin'ny FJKM eo amin'ny faritra
- ✓ Fifehezana ny teny Frantsay
- ✓ Fahaiza manao amin'ny serasera sy fifandraisana
- ✓ Possibilité d'avoir un jugement dans le cadre du partage des tâches,
- ✓ Afaka mitondra hevitra amin'ny fitsinjarana asa
- ✓ Fahaiza manao amin'ny fitantanana ny asa maika
- ✓ Mahay fifandraisana, manoratra, miteny ary maneho hevitra tsotra sy mazava
- ✓ Mahay miara miasa amin'ny Ekipa, ary miasa anatin'ny fanenjehana fotoana
- ✓ Mahay informatika
- ✓ Akafa mivezivezy 70% n'ny fotoanany ; Ny toerana dia ao Morondava : Menabe; Melaky; Boeny; Atsimo Andrefana,
- ✓ Afaka miasa Sabotsy sy Alahady ary amin'ny andro tsy fiasàna

**4. FAHARETAN'NY FIFANARAHAM-PIARAHAMIASA**

Faharetan'ny fifanaraham-piaraha-miasa: 5 volana
Fanombohana ny asa: Septambra 2019.

Raha liana hianao, dia manasa anao handefa ny antontan-taratasy fangatahana asa miaraka amin'ny CV,taratasy fangatahana fahavononana, diplaoma, laharan-tariby ifandraisana alefa amin'ny adiresy mailaka: recrutement@saf-fjkm.org NA aterina mivantana any amin'ny Synodamparitany Fahazavanatsimo Andrefana, alohan'ny **Zoma 06 Septambra 2019 amin'ny 12 ora antoandro**.

.